# NY TSIRINTENY



## TANJONA

Manavaka ny antsoina hoe tsirinteny sy mamantatra ireo karazana tsirinteny.

## LESONA HOTADIDIANA

**Famaritana :**

Ny atao hoe tsirinteny dia teny kely mitsiry eo akaikin'ny fototeny. Mety ho eo aloha, na ao aoriana, na aloha sy ao aoriana, na mety ho eo am-povoany ihany koa aza.

**Ny karazana tsirinteny :**

Ny TOVONA dia izay tsirinteny mipetraka eo alohan'ny fototeny.
Ny TOVANA dia izay tsirinteny mipetraka ao aorian'ny fototeny.
Ny tsirinteny sara-droa dia izay tsirinteny mizara roa ka ny tapany voalohany dia eo aloha (tovona).ary ny tapany faharoa dia ao aorian'ny fototeny (tovana).
Ny TSOFOKA dia izay tsirinteny mitsofoka eo am-povoan'ny fototeny.

## Sahanasa 1

1. Manoratra izay fantatro momba ny tsirinteny aho (anaty andalana iray)

……………………………………………………………………………………………

2. Mijery ireto teny fampiasa matetika ireto aho.

   “Mikasa, kasaina, kinasa, ikasana”

3. Fantarina ny fototenin’ireo teny ireo.

   “Mikasa, kasaina, kinasa, ikasana”:

……………………………………………………………………………………………

4. Avahana ny tsirinteny manodidina an’ireo fototeny ireo.

   Oh: mikasa: mi - kasa

   Kasaina: ………………………….

   kinasa: …………………………….

   ikasana: …………………………..

5. Fenoina ny fafana amin’ny fandrasana ny teny.

| Teny | Tovona (eo alohan’ny fototeny) | Fototeny | Tsofoka (mamaky ny fototeny) | Tovana (aorian’ny fototeny) | Tsirinteny sara-droa (eo aloha sy ao aorian’ny fototeny) |
|---|---|---|---|---|---|
| Mikasa | | | | | |
| Kasaina | | | | | |
| Kinasa | | | | | |
| Ikasana | | | | | |

**Sahanasa 2**

Manatsoaka hevitra aho isaky ny mahavita toromarika iray:

1) Tadiaviko ny fototenin'ireto teny ireto ary asongadiko ny toerana misy ny tsirinteny rehetra ao: miserana, mahay, manety, avela.

Oh: Miserana: m-i – serana (fototeny serana; tsirinteny manampy azy: mi - )

Mahay: ……………………………………………………………………..

Manety: ……………………………………………………………………

Avela: ………………………………………………………...............

Tsoakevitra :omeko ny famaritana ny hoe "tovona":

………………………………………………………………………………

……………………………………………………………………………

2) Tadiaviko ny fototenin'ireto teny ireto ary asongadiko ny toerana misy ny tsirinteny rehetra ao:antsoina, raràna, lazaina, tapahina.

Oh: antsoina: antso-ina (fototeny antso ; tsirinteny manampy azy: - ina )

Raràna:…………………………………………………………………………

Lazaina: ……………………………………………………………………….

Tapahina: ………………………………………………………………..

Tsoakevitra:omeko ny famaritana ny hoe "tovana":

………………………………………………………………………………

……………………………………………………………………………

3) Tadiaviko ny fototenin'ireo teny ireo ary asongadiko ny toerana misy ny tsirinteny rehetra ao: ifaliana, andraisana, ahatongavana, ijoroana

Oh: ifaliana: i – fali – ana (fototeny fali ; tsirinteny manampy azy: i - . . . - ina )

Andraisana: ………………………………………………………………

Ahatongavana: ……………………………………………………………..

Ijoroana: …………………………………………………………………………….....................

Tsoakevitra:omeko ny famaritana ny hoe “tsirinteny sara-droa”:

……………………………………………………………………………………………………

……………………………………………………………………………………………………

4) Arafitro an-tsoratra ny hevi-dehibe mifandraika amin’ny tanjona ary ezahiko faritana ny atao hoe: tsirinteny

Ny tsirinteny

……………………………………………………………………………………………………

……………………………………………………………………………………………………

……………………………………………………………………………………………………

**Sahanasa 3**

Misedra ny fahalalako aho ary mampihatra izany amina sehatra hafa ka Fenoina izay banga amin’ny fafana misy kiefitra hahafahako manavaka ireo karazana tsirinteny sy fototeny.

| TENY | TSIRINTENY | | | | |
|---|---|---|---|---|---|
| | tovona | fototeny | tsofoka | tovana | Sara-droa |
| - | Manka- | to | | | |
| misasatra | - | sasatra | | | |
| - | Man- | be | | | |
| mitomany | - | - | - | | |
| - | | raraka | | | |
| - | | valy | | | |
| - | | soa | | | Ana-… .-v-ana |